LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement''

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA JANVIER 2021 N° 012

LA FPMA ET SES LITURGIES

La liturgie désigne premièrement, dans un sens général, le culte chrétien dans son ensemble, c'est-à-dire ses différents éléments et son déroulement. Le mot est également en usage, pour nommer « le recueil des textes utilisés par telle ou telle Eglise pour la célébration de son culte ».

Que l'on considère l'un ou l'autre de ces 2 sens du terme liturgie, durant plusieurs années, la FPMA n'a disposé en la matière que de la liturgie A, héritée du FFPM, et de la liturgie B.

Or, la liturgie détient une position clé dans la communion de l'Eglise, et particulièrement par la tension qu'elle implique entre les dimensions locale et universelle, entre diversité et unité.

Ainsi, selon un théologien luthérien *''L'expérience réelle de l'unité – ou de la désunion en recherche d'unité – a été massivement vécue en liturgie. Les actes symboliques communs – ou le refus de symboles communs – ont été un moyen de privilégier, de goûter et de témoigner de notre unité comme de notre désunion".*

''Pour les chrétiens, la koinonia (commninion) dans et entre les Eglises est un phénomène essentiellement liturgique car ce que nous désignons par Eglise est, avant tout, une assemblée liturgique".

Alors, comment trouver une koinonia liturgique au sein de la FPMA ?

La commission liturgique - ou plus exactement la "**Commission Doctrine et Liturgie**" (VFL) conduite par le Pasteur Jeannot RANDRIANANDRASANA- s'est penchée sur cette question. Cette commission liturgique est finalement parvenue à produire une liturgie pour notre Église FPMA répondant aux deux sens précédemment cités du terme.

En ce qui concerne les cultes dominicaux, grâce aux liturgies A et B, ainsi qu'à la liturgie D adoptée lors de notre dernier Synode, on peut dire que la FPMA a réussi à construire une identité liturgique conforme à son orientation théologique.

S'agissant du recueil des textes liturgiques, jusqu'à présent, la FPMA ne possédait pas de liturgies propres et ce dans beaucoup de domaines tels que le **mariage**, la **confirmation**, la **consécration des diacres** , les **cérémonies funèbres** etc..., C'est à nouveau grâce au VFL qu'un recueil regroupant toutes ces liturgies a également été présenté au dernier Synode et sera adopté au prochain, après avoir été expérimenté dans les paroisses FPMA.

Chaque communauté FPMA, ainsi que tous les pasteurs sont donc encouragés à manifester notre unité, notre communion en mission, à travers et en respectant les textes de ces différentes liturgies

Que l'Esprit d'unité de la part de notre Seigneur soit avec nous tous pour que tous ensemble et d'une seule voix, nous louons Dieu, le Père de notre Seigneur Jésus-Christ. Rom 15.6

Lien pour trouver les différentes liturgies:

https://fpma.church/fpma/images/FPMA-LITORJIA-SL-2020.pdf

Au nom du VFL

Dr Seth RASOLONDRAIBE

"Ary Jesosy nilaza fanoharana taminy, fa tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ka tsy reraka" Lio 18.1

Tafa sy dinika mikasika ny fiaraha-mivavaka isan'andro na ny " Veillée de prière " amin'ny 4 ora sy 7ora hariva

Vao nanomboka ny fihobohona (na ny confinement) dia anisan'ireo zavatra masaka tato am-pon'ny mpiandraikitra voalohany indrindra ny nampijoro ny fiaraha-mivavaka isam-pianakaviana. Tafiditra ao anatin'ny atao hoe "**Finakaviana Manao Asa Misiona**" na "**Famille en Mission**". Misaotra ny Tompo fa mbola mitohy izany hatramin'izao ary efa tafiditra ao anatin'ny fiainam-pianakaviana maro.

Noho izany dia mety ny hanazavana fohifohy eto ny fanahin'ity fiarahamivavaka ity, ny zava-kendreny ary ny fomba arahina amin'ny fanatanterahana izany.

NY FANAHIN'NY FIARAHA-MIVAVAKA:

Ny tenin'Andriamanitra afaka hanazavantsika ny fanahin'ity fiaraha-mivavaka ity dia izay hitantsika ao amin'ny Joba 22.21: "***Mifankazara amin'ny Tsitoha ianao, dia hiadana; Izany no hahatongavan'ny soa aminao".***

Teny nataon'i Elifaza ho an'i Joba izany. Na dia marina aza ny teny dia tsy Joba no tokony ho niantefan'izany fa ny olona toa antsika izao. Inona no anton'ny antso mba hifankazatra amin'Andriamanitra? Mba ho akaiky azy? Satria tsy mandeha ho azy eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombenona izany mifandray amin'Andriamanitra izany. Ny manome tsiny an'Andriamanitra na mitady vaha olana any amin'ny toeran-kafa no mahavantana antsika rehefa misy manahirana.

Izay olona mifankazatra amin'Andriamanitra dia hahay matoky azy sy mametraka eo aminy ny zavatra rehetra . Noho izany dia hiadana ary ho feno fitahiana.

Noho izany ry havana ny fiaraha-mivavaka izay ataontsika isan'andro dia natao mba hifankazarantsika amin'Andrimanitra Ray sy Jeso Kristy Mpamonjy antsika....

NY KENDREN'NY FIARAHA-MIVAVAKA:

Zavatra efatra farafahakeliny eto no ahafahantsika mifankazatra amin'ny Tsitoha:

Ny **hira iraisan'ny fianakaviana**, ny **Tenin'Andriamanitra vakiana**, ny **Tenin'Andriamanitra hazavaina** ary ny **vavaka isam-pianakaviana**.

Tsara marihina ry havana fa na dia mifamatotra aza ny Teny vakiana sy ny Teny hazavaina dia samy manana ny hanitra ho azy ireo. Ny fihainoana ny teny vakina dia efa mampiray antsika amin'Andriamanitra. Ary amin'ny Teny hazavaina kosa dia mbola afaka miteny aminao ihany Andriamanitra amin'ny alalan'ilay mpanompo manazava ny teny.

Mora ny mihira rehefa miaraka marobe ao am-piangonana isika. Fa sarotra ny mihira irery indrindra moa fa raha ianareo mivady irery no ao an-trano. Fandresena eo anatrehan'andriamanitra ny ahafahantsika manao ireo rehetra ireo eo anivon'ny tokatranon-tsika ry havana.

Tsy vitan'izany fa ny Teny izay ianarantsika isan-kerin'andro dia fandaharana mitohy. Tsy natao ahazoantsika aim-panahy fotsiny, fa natao koa ianarantsika ny Tenin'Andriamininatra sy hananantsika kolon-tsaina ara-tSoratra Masina.

FOMBA ARAHINA AMIN'NY FANATANTERAHANA NY FIARAHA-MIVAVAKA:

- Boky iray raha tsy dia lava loatra no iarahantsika mandinika isan-kerinandro. Ary isam-bolana raha lava loatra.

- Ny Teny avy ao amin'ny Soratra Masina voalahatra hodinihina dia ho zarain'ny mpampianatra telo na efatra. Ho hazavainy misesy izany ary elanelaniny hira sy vavaka ataon'ny isam-pianakaviana.

Angatahina ny **fanazavana mba tsy hihoatran'ny 10 mn isaky ny Teny hazavaina ary ho ora iray raha betsaka ny totalin'ny fotoana rehetra.**

Indro omena antsika ny santionan'i VP iray:

Téléchargez l'Appli FPMA FRANCE

Télécharger dans l'App Store

DISPONIBLE SUR Google Play

Tafa sy dinika mikasika ny fiaraha-mivavaka

EZRA 5-6

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

1- HIRA 643.1-2

2- VAVAKA

Teny fampidirana ny texte du jour **" Ny bokin'ny Tantara manodidina ny Tempoly "**

3- HIRA 643.3

4- VAKITENY 1 EZRA 5.1-10

Ny namporisihan'i Hagay sy Zakaria ny Jiosy handroso hanao na tempoly indray, sy ny naneken'i Dariosy, mpanjakan'i Persia, ny hanaovany azy

1Ary ny mpaminany, dia Hagay mpaminany sy Zakaria, zanak'Ido, naminany tamin'ny Jiosy tany Joda sy Jerosalema tamin'ny anaran'Andriamanitry ny Isiraely izay tao aminy. 2Dia nitsangana Zerobabela, zanak'i Sealtiela, sy Josoa, zanak'i Jozadaka, ka nanomboka nanao ny tranon'Andriamanitra any Jerosalema indray; ...

6- FANAZAVANA FOHY

7- HIRA 460.1

8- VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

9- VAVAKA MPITANDINA.....

10- VAKITENY 2 EZRA 5.11-17

11ka izao no teny navaliny anay: Izahay dia mpanompon'Andriamanitry ny lanitra sy ny tany ka manamboatra ny trano izay efa vita ela, fa ny mpanjaka lehibe anankiray tamin'ny Isiraely no nanao sy nahavita azy. 12Fa noho ny nampahatezeran'ny razanay an'Andriamanitry ny lanitra, dia natolony izy ho eo an-tànan'i Nebokadnezara Kaldeana, mpanjakan'i Babylona, izay efa ...

11- FANAZAVANA FOHY

12- HIRA 460. 2

13- VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

14- VAVAKA MPITANDRINA.....

15- VAKITENY 3. EZRA 6.1-12

Ny nahavitana ny tempoly, sy ny nitokanana azy

1Ary tamin'izany Dariosy mpanjaka dia nandidy, ka nizahana ny trano fitehirizan-taratasy, izay nitehirizana ny rakitra tany Babylona. 2Dia tao Akmeta, tao an-dapa izay any amin'ny tanin'ny Mediana, no nahitana horonan-taratasy anankiray, ka voasoratra teo izao tantara izao: 3Tamin'ny taona voalohany nanjakan'i Kyrosy dia nandidy izy nanao hoe:..

16- FANAZAVANA FOHY

Ho tonga amin'ny fibebahana marina ny kristiana...

17- HIRA 460.3

18- VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

19- VAVAKA MPITANDINA

20- VAKITENY 4. EZRA 6.13-22

13Ary tamin'izany Tatenay, governora amin'ny etỳ an-dafin'ny ony etỳ, sy Setarabozenay mbamin'ny namany dia nankato marina izany teny efa nampitondrain'i Dariosy ho any aminy izany. 14Dia nanao ny trano ny loholon'ny Jiosy ka nambinina noho ny faminanian'i Hagay mpaminany sy Zakaria, ...

21- FANAZAVANA FOHY:

22- HIRA 460.4

23- VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA MALALAKA

24- VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

25- TENY FANDRAVONANA OHA 3.5-7

26- HIRA 460.5

27- TSO-DRANO

Ny Tompo anie ry havana hanome antsika ny Fanahiny mba ahaizantsika mifankazata Aminy.

DIARY 2021 FPMA

"Ny Synoda XXXVIII izay nizotra ny 30 sy 31 Oktobra ary ny 1 Novambra dia nandamina ny diary nasionaly 2021 ho toy izao :

20 Fev	Komity Maharitra 1
20 Mar	Synode Financier
17 - 18 Apr	Rencontre Nationale Tily (RNT)
23 - 25 Apr	Rencontre Nationale Sekoly Alahady (RNSA)
3 - 16 Mai	Rencontre Nasionaly Sampana Zava-Maneno (RNSZM)
17 - 19 Jona	Fiofanana Fiaraha-miasan'ny Mpitandrina (FMM)
2 - 4 Jolay	Rencontre Nationale Sampana Tanora Kristiana (RNSTK),
6 - 14 Jolay	Isan-keritaona Fifohazana
18 - 19 Sep	Fiofanana Mpiandriaikitra Tily (Saverdun)
2 Okt	Komity Maharitra 2 (KM2),
16 Okt	Hetsika SVK
30 Okt - 1 Nov	Zaikabe Nasionaly